
Accord-M | TATITRA FOHY #2
January 2022

# Fampiroboroboana ny famokarana legioma eo anivon'ny faritra Atsimo Atsinanana

## HAFATRA FOTOTRA

- Vitsy ny karazana legioma ambolen'ny olona ao amin'ny faritra Atsimo Atsinanana ary ny vokatra azo avy aminy koa dia voafetra
- Tsy ampy ny fahafantaran'ny olona ny maha-zava-dehibe ny fihinanana legioma maro karazana
- Liana anefa ny tantsaha hanitatra ny tany fambolena legioma sy ny vanim-potoana famokarana izany ao amin'ny faritra misy azy ireo
- Azo atao voly avotra eny amin'ny tanimbary ny legioma
- Ny fampiasana masomboly moderna manana tsingerina fohy dia mampitombo ny vokatra azo isan-taona





## Voafetra ny karazana legioma ambolena

Maro ny tantsaha any Atsimo Atsinanana no mametraka ho lohalaharana ireo voly fototra toy ny vary sy ny kazaha ary koa ireo voly fanondrana toy ny kafe sy lavanila. Heveriny ho ambin'asa noho izany ny fambolena legioma. Matetika ny vehivavy no mamboly legioma manodidina ny trano fonenany sy eny amin'ny voditanety. Ny legioma vokatra eo dia ampiasaina mba hohanina, hanomezana tsiro samihafa ny sakafon'ny fianakaviana. Voafetra ho an'ireo tanàna manakaiky ny tanàndehibe ihany ny famokarana legioma ho entam-barotra.

Ny legioma dia ahitana vitamina sy mineraly ary taharo hafa izay ilain'ny vatan'ny olombelona. Noho izany dia tokony mihinanana legioma isanandro avokoa ny olon-dehibe sy ny ankizy. Efa maro ny karazana legioma ambolena ao amin'ny faritra Atsimo Atsinanana toy ny petsay, anamamy, laisoa, korzety, tongolo ravina , voatabia ary ireo voamaina isan-karazany. Voafetra anefa ny toerana afaka ambolena azy eny akaikin'ny trano fonenana.

Ny legioma vokatra eo anivon'ny faritra dia vitsy karazana ary ambany kalitao saingy misy ireo fanararaotra ahafahana mapitombo ireo tany fambolena legioma ary ny vokatra azo avy aminy.

## Haika

Maro ireo antony ara-teknika sy sôsialy manakana ny famokarana legioma maro isan-karazany eny amin'ny tanimbary.

- Araka ny fomban-drazana dia natokana ho an'ny fambolena vary irery ihany ny tanimbary. Maro noho izany ireo tantsaha izay misalasala ny hiala amin'io fomban-drazana io.
- Lavitry ny trano fonenana ihany koa ny tanimbary sasany (mandeha hatramin'ny adiny telo vao tonga). Mampitombo ny mety hisian'ny halatra izany ary koa mandany fotoana maro ny fikarakarana azy.
- Eny amin'ny tsenam-pokontany sy ny tsenan'ny kaominina dia vitsy ny tinady amin'ny legioma. Ny tsena lehibe anefa dia tena lavitra ny tanàna. Noho izany tsy fisian'ny tsenam-barotra izany dia vitsy ny tantsaha no te hampiasa vola amin'ny fambolena legioma maro karazany ka mionona amin'ny famokarana ho an'ny tokantranony ihany.
- Ny fambolena legioma dia heverina ho asam-behivavy any amin'ny faritra Atsimo Atsinanana. Kanefa raha araky ny fomban-drazana dia tsy mandova tany ny vehivavy ka mila fankatoavana avy amin'ny lehilahy vadiny na fianakaviany vao afaka mamboly

## Fanararaotra

Ny fampitomboana ny karazana legioma ambolena ao amin'ny faritra dia mety hampitombo ny fahafantaran'ny tantsaha ny tombontsoa entin'ny fihinanana legioma maro karazana eo amin'ny fahasalamana. Miteraka tinady bebe kokoa eo amin'ny tsena izany ka mampiakatra ny famokarana

Efa maro ireo tantsaha no liana amin'ny fanitarana ny tany fambolena legioma sy ny fotoana famokarana azy. Ireo tany fambolena ireo izay tokony lavitry ny tondra-drano, ny hain'andro mivantana ary ny mpangalatra.





Misy fanararaotra telo lehibe  ireto izay afaka ampiasaina hanatratrarana izany tanjona izany:

**1. Fampiasana masomboly voafantina manana tsingerina fohy** ary mahazaka hafanana sy bibikely mba hanitarana ny fotoam-pamokarana legioma hatramin'ny volana septambra izay fotoana tsy fisian'ny orana. Ny fampiasana ireo karazana masomboly ireo koa dia afaka mampitombo ny vokatra mandritry ny taona iray ka afaka mampitombo ny sakafon'ny tantsaha sy ny fidiram-bolany

**2. Ny agroforesteria** dia teknika iray mampitambatra ny fambolena legioma sy ny hazo fihinam-boa. Mitondra tombontsoa maro ny fampiasana ny agroforesteria eny amin'ny tanety. Ireo hazo fihinam-boa dia manalokaloka ireo legioma ka miaro azy ireo amin'ny hafanan'ny masoandro mivantana ary manitatra ny fotoam-pamokarana legioma hatrany amin'ny vanim-potoana maina. Ny ravin-kazo mihintsana koa dia miaro ny nofon-tany tsy ho kaohin'ny riaka amin'ny fotoanan'ny orana.

**3. Ny tanimbary sy ireo manodidina azy dia afaka ambolena legioma vitsivitsy** hohanin'ny tokantrano ihany; toy izany koa ny toeram-pambolena akaiky tanàna, mba afaka mikarakara azy daholo na ny lehilahy na ny  vehivavy.

## TOLO-KEVITRA

- Ny fanentanana sy fampianarana ny lehilahy sy ny vehivavy tantsaha amin'ireo tombontsoa entin'ny fihinanana legioma maro isan-karazany dia hampitombo ny karazana legioma ambolena ao amin'ny faritra. Ny fampianarana mahandro koa dia manampy ny renim-pianakaviana hamboly sy hahandro ny legioma tsy mbola mahazatra ny olona any Atsimo Atsinanana.
- Fametrahana fiara fitanteram-bahoaka iombonan'ny mpamokatra eny amin'ireo sampanana izay andalovan'ny mpivarotra legioma mankany amin'ireo tsena lehibe, toy ny eo amin'ny sampanan'i Vohitromby, Vohilava ary Mahandroa ). Ireo fiara fitaterana ireo dia miainga vao mangiran-dratsy ary kendrena mba hanana saran-dalana  mirary takatry ny fahefamividin'ny tsantsaha mpamokatra.
- Mila mianatra teknika vaovao ny tantsaha mba hahafahany mamboly legioma eny amin'ny tanimbary ka ny saha sekoly no fomba iray ahafahana manatanteraka izany. Eny amin'ireny fampiofanana ireny koa no afaka izarana ireo karazana legioma tsy fahita ao amin'ny faritra toy ny radia, pitipoà ary ny ovy.
- Laharam-pahamehana ny fahafahan'ny tantsaha misitraka mivantana ireo fitaovam-pambolena moderna, indrindra ny masomboly sy zezika. Ireto misy fomba roa ahafahana manao izany:  fizarana masomboly voafantina eo anivon'ny fokontany ary koa fanohanana ny mpandraharaha any an-toerana misehatra amin'ny fivarotana fitaovam-pamokarana azo antoka sy  amin'ny vidiny mirary

**Tetikasa Accord-M :**
Fikarohana miara-dia amin'ny fampandrosoana ara-tsakafo eto Madagasikara

**Mpanoratra :**
Arielle Sandrine RAFANOMEZANTSOA, Alexandra KONZACK, Irmgard JORDAN, Denis RANDRIAMAMPIONONA, Stefan SIEBER, Jonathan STEINKE

**Fifandraisana :** denisr07@gmail.com

Ity fikarohana ity dia notohanan'ny Deutsche Gesellschaft für Internationale Zusammenarbeit (GIZ)

coopération allemande
DEUTSCHE ZUSAMMENARBEIT

Notohanan'ny
giz Deutsche Gesellschaft für Internationale Zusammenarbeit (GIZ) GmbH